

DECRET N° 98-944
du 4 novembre 1998
portant statut et organisation
du Bureau de normes de
Madagascar (JO n°2558 du
1.2.99, p. 766)

TITRE PREMIER :
STATUT.

Article premier. – Le bureau de normes de Madagascar est un établissement public à caractère industriel et commercial doté de la personnalité morale et jouissant d'une autonomie administrative et financière.

Art.2.– Le bureau de normes de Madagascar est placé sous tutelle technique du ministère chargé du Commerce et sous tutelle financière du ministère chargé des Finances.

Art.3. – Le siège du bureau de normes de Madagascar est fixé à Antananarivo. Il peut ouvrir des bureaux délégués en dehors de son siège.

TITRE II :
ATTRIBUTIONS.

Art.4. – Le bureau de normes de Madagascar a pour mission :

- l'élaboration, la centralisation, la promulgation des normes nationales ;
- l'acquisition et la gestion de toute documentation nor-

DIDIM-PANJAKANA n°98-944
tamin'ny 4 novambra1998
anaovana ny fitsipi-pikamba-
nana sy ny fandaminana ny
birao momba ny fenitra eto
Madagasikara (idem)

LOHATENY VOALOHANY:
FITSIPI-PIKAMBANANA.

Andininy voalohany.– Ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia antokon-draharaham-panjakana manana endrika ara-indostria sy ara-barotra, mizaka ny zo aman'andraikitra ary mahatapa-tena ara-pitondrana sy ara-pitantanambola.

And. 2. – Ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia atoetra ho eo ambany fiahiana teknika ataon'ny minisitera mian-draikitra ny Varotra sy eo ambany fiahiana ara-pitantanam-bolan'ny minisitera miandraikitra ny Fitantanam-bola.

And.3. – Ny foiben'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia ferana ho ao Antananarivo. Azony atao ny manokatra birao masoivohony ivelan'ny foibeny.

LOHATENY II :
ANJARA RAHARAH.

And.4. – Ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia manao ireto asa ireto :

- ny famolavolana, ny fanan-gonana, ny famoahana hampanankery ny fenitra eto amin'ny firenena ;
- ny fandraisana sy ny fitantanana izay rehetra tarihin-

- native ;
- la promotion et l'application des normes ;
- la diffusion des normes et toutes informations normatives ;
- la gestion de la marque nationale de conformité ;
- la gestion des laboratoires affiliés au bureau de normes de Madagascar ;
- la formation à la normalisation, certification, qualité ;
- la représentation de Madagascar auprès des organismes régionaux de normalisation ;
- la représentation de Madagascar auprès des organismes internationaux de normalisation, tels que ISO, CEI, CODEX, Alimentarius, OIML.
- kevitra momba ny fenitra ;
- fampiroboroboana sy fampiharana ny fenitra ;
- fanaparahana ny fenitra sy ny zava-pantatra rehetra momba ny fenitra ;
- ny fitantanana ny marika avy eto an-toerana momba ny fifanarahany amin'ny fenitra.
- ny fitantanana ny laboratoara mifandray amin'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara ;
- ny fanofanana momba ny fanaraham-penitra, fanamarinana ary fahatsarana ;
- ny fisoloan-tena an'i Madagasikara any amin'ireo antokon-draharaha any amin'ny faritany momba ny fanaraham-penitra ;
- fisoloan-tena an'i Madagasikara any amin'ireo antokon-draharaha iraisam-pirenena momba ny fanaraham-penitra, toy ny *ISO*, *CEI*, *CODEX Alimentarius*, *OIML*.

TITRE III : ORGANISATION ET FONCTIONNEMENT.

Art.5. – Les organes du bureau de normes de Madagascar sont :

- le Conseil d'Administration
- le Directeur général

CHAPITRE PREMIER : DU CONSEIL D'ADMINISTRATION.

Art.6. – Les membres du conseil d'administration, nommées *intuitu personae*, par arrêté conjoint du Ministre chargé des Finances et de l'Economie et du Ministre chargé du Commerce et de la Consommation pour une durée de

LOHATENY III: FANDAMINANA SY FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA.

And.5. – Ny rantsa-mangaika ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia :

- ny Filankevi-pitondrana ;
- ny Tale jeneraly.

TOKO VOALOHANY : NY FILANKEVI-PITONDRANA.

And.6. – Ny Mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitondrana tendrena amin'ny maha-fototr'olona azy, araka ny didim-pitondrana iarahan'ny Minisitry miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena ary ny Minisitry

quatre ans renouvelables sont :

- sept représentants issus des ministères susceptibles d'être impliqués dans les questions de normalisation ;
- sept membres issus du secteur privé, désignés par les syndicats ou les conseils nationaux et représentant respectivement les secteurs : industrie, agriculture, commerce, tourisme, pêche, environnement, artisanat ;
- un représentant de la Fédération des Chambres de Commerce, de l'Artisanat et de l'Agriculture ;
- deux représentants des associations de consommateurs.

Art.7.- Le Conseil d'administration a pour fonction notamment :

- l'examen et l'approbation des programmes d'activités du bureau des normes de Madagascar ;
- l'examen et l'adoption du budget et des comptes financiers du bureau de normes de Madagascar ;
- l'examen et l'approbation de l'organisation et l'organigramme du bureau de normes de Madagascar, de même que leur révision éventuelle, ainsi que le règlement général du personnel du bureau de normes de Madagascar ;
- l'examen et l'approbation

miandraikitra ny Varotra sy ny Fanjifana manao mba hiasa mandritra ny efatra taona azo avaozina dia misy :

- solontena 7 avy amin'ireo minisitery mety ho voakasiky ny resaka fanaraham-penitra ;
- mpikambana 7 avy amin'ny sehatr'asa tsy miankina amin'ny Fanjakana, tendren'ny sendika na ny Filankevitra eto amin'ny firenena ka misolotena avy ny sehatra mikasika ny : indostria, fambolena, varotra, fizantany, fanjonoana, tontolo iainana, asa tãnana ;
- solontena iray avy amin'ny Fikambanan'ny Antenimiera momba ny Varotra sy ny Asa tãnana ary ny Fambolena ;
- solontena 2 avy amin'ny fikambanan'ny mpanjifa.

And.7. - Ny Filankevi-pitondrana dia miandraikitra indrindra :

- ny fandinihana sy fankatoa vana ny fandaharan'asa aman-draharahan'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara ;
- ny fandinihana sy fandaniahana ny tetibola sy ny kaontim-pitantanam-bolan'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara ;
- ny fandinihana sy fankatoavana ny fandaminana sy ny rafi-pandamin'asan'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara, toy izany koa izay mety ho fanavaozana izany ary koa ny fitsipika ankapobe mifehy ny mpiasa ao amin'ny biraon'ny fenitra eto Madagasikara ;
- ny fandinihana sy ny fanka-

des nominations des cadres dirigeants du bureau de normes de Madagascar ;

- la clôture et l'arrêt, chaque année, du budget préparé et établi par le Directeur général du bureau de normes de Madagascar.

Art. 8. – Le Conseil d'administration est présidé par une personne élue par et parmi ses membres et ce, pour la durée du mandat du conseil.

Art. 9.– Le Conseil d'Administration se réunit en session ordinaire deux fois par an. Il peut se réunir en session extraordinaire, en tant que de besoin, soit sur convocation du président, soit à la demande des deux tiers de ses membres.

La réunion n'est valable qu'en présence de la moitié plus un de ses membres. Si le quorum n'est pas atteint, le président convoque une deuxième réunion dans un délai de quinze jours.

Les décisions prises au cours de cette deuxième réunion sont valables quel que soit le nombre des membres présents.

Art. 10. – Les décisions du Conseil d'administration sont prises par consensus, à défaut, elles sont prises à la majorité absolue des membres présents. En cas de partage égal de voix, celle du président est prépondérante.

toavana ny fanendrena ireo tompon'andraikitra ambony mpitondra ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara ;

- ny fifaranana sy famaranana, isan-taona, ny tetibola nokarakarina sy nataon'ny Tale jeneralin'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara.

And. 8. – Ny Filankevi-pitondrana dia tarihin'ny olona iray nofinidin'ireo mpikambana amin'izy samy izy, ary izany dia mandritra ny fe-potoana iasan'ny filankevitra.

And. 9.– Ny Filankevi-pitondrana dia manao fivoriana arapotoana in-droa isan-taona. Afaka manao fivoriana tsy arapotoana koa izy, raha ilaina, na araka ny fiantsoan'ny filoha, na araka ny fangatahan'ny androantokon'ny mpikambana ao aminy.

Tsy ara-dalàna ny fivoriana raha tonga manatrika ny antsasamanilan'ny mpikambana ao aminy. Raha tsy tratra io isa io, ny filoha dia mampiantso fivoriana faharoa ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro.

Ny fanapahan-kevitra noraisina tamin'io fivoriana faharoa io dia manan-kery na firy na firy ny isan'ny mpikambana tonga nanatrika izany.

And. 10. – Ny fanapahan-kevitra ny Filankevi-pitondrana dia raisina araka izany marimaritra iraisana, raha tsy izany dia araka izay lany eran'ny antsasamanilan'ny mpikambana tonga manatrika izany. Raha mitovy ny isam-bato dia izay iandanian'ny filoha no manan-kery.

Art. 11. – Pendant les réunions, les membres du Conseil d'administration perçoivent une indemnité de séance dont le montant sera défini par arrêté d'application du présent décret.

CHAPITRE II : DU DIRECTEUR GENERAL.

Art. 12. – Le bureau de normes de Madagascar est dirigé par un Directeur Général nommé par décret en conseil des Ministres.

Art. 13. – Le Directeur Général représente le bureau de normes de Madagascar dans les actes de la vie civile auprès des différents administrations et organismes.

Art. 14. – Le Directeur Général du bureau de normes de Madagascar est membre de droit du Conseil d'administration et assure de secrétariat dudit conseil.

Art. 15. – Il a pour fonction notamment :

- la direction et l'administration du bureau de normes de Madagascar.
- l'animation et la coordination de ses activités ;
- la réalisation des objectifs conformément aux directives du Conseil d'administration.

Art. 16. – A ce titre, il est chargé de :

- soumettre à l'examen du Conseil d'Administration :

And. 11. – Mandritra ny fivo-riana, ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitondrana dia mandray tambim-piatreham-pivoriana ka ny habetsahany dia ho ferana araka ny didim-pitondrana fampiharana ity didim-panjakana ity.

TOKO II : NY TALE JENERALY.

And. 12. – Ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia tarihin'ny Tale jeneraly notendrena araka ny didim-panjakana noraisina eo am-pivorian'ny Minisitra..

And. 13. – Ny Tale jeneraly no misolo tena ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara eo amin'ny asa aman-draharaha amin'ny fiainana sivily manoloana ny rafipitondrana sy antokon-draharaha samihafa.

And. 14. – Ny Tale jeneralin'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia mpikambana avy hatrany ao amin'ny Filankevi-pitondrana ary misahana ny sekretarian'io filankevitra io.

And. 15. – Izy no misahana indrindra :

- ny fitondrana sy ny fitantanana ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara.
- ny fanentanana sy ny fandrindrana ny asa amandrahahany ;
- ny fanananterahana ny zava-kendrena araka ny torolàlana avy amin'ny Filankevi-pitondrana.

And. 16. – Amin'izany dia izy no maindraikitra ny :

- fametrahana ho dinihin'ny Filankevi-pitondrana :

- le programme d'activités et le budget du bureau des normes de Madagascar.
- les rapports annuels et ponctuels des activités techniques et financières
- l'organisation et l'organigramme ainsi que le règlement général du personnel ;
- les propositions de recrutement des cadres dirigeants du bureau des normes de Madagascar.
- ny fandaharanasa sy ny tetibolan'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara.
- ny tatitra isan-taona ary ara-potoana momba ny asa teknika sy arapitantanam-bola ;
- ny fandaminana sy ny rafi-pandaharanasa ary koa ny fitsipika ankapobe mifehy ny mpiasa ;
- ny fanolorana sosonkevitra momba ny fandraisana tompon'andraitra ambony ao amin'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara.
- recruter et assurer la bonne gestion du personnel et a autorité sur l'ensemble de celui-ci ;
- assurer le secrétariat du Conseil d'administration et de conserver les documents relatifs aux délibérations et décisions prises par ledit conseil.
- mandray mpiasa sy misahana ny fitantanana tsara ny mpiasa ary manana fahefana amin'ny ankapoben'ny mpiasa ;
- miantoka ny sekretarian'ny Filankevi-pitondrana ary mitahirya ny taratasy firaketan-draharaha mikasika ny fifampidihana sy ny fanapahan-kevitra no-raisin'ny Filan-kevitra.

TITRE IV : DISPOSITIONS FINANCIERES.

Art.17. – Le Bureau de normes de Madagascar dispose d'un budget autonome dont la gestion qui est confiée au Directeur général est, nonobstant toutes les dispositions contraires, soumise aux règles de la comptabilité commerciale.

L'exercice comptable commence le 1^{er} janvier et se termine le 31 décembre de l'année.

LOHATENY IV : FEPETRA MOMBA NY FITANTANAM-BOLA.

And.17. – Ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia manana tetibola mahatapa-tena ka ny fitantanana izany izay ankinina amin'ny Tale jeneraly, dia fehezina'ny fitsipika momba ny fitanankaontim-barotra, na dia eo aza ny fepetra rehetra mifanohitra amin'izany.

Ny taom-pitanan-kaonty dia manomboka ny 1 janoary ary mifarana ny 31 desambra amin'ny taona diavina.

Art.18. – Le budget du bureau de normes de Madagascar est constitué :

- de recettes par les :
 - fonds de contributions des entreprises et sociétés membres ;
 - emprunts, dons, ou toutes autres subventions ;
 - dotations diverses ;
 - recettes issues des différentes prestations de service offertes par le bureau de normes de Madagascar ;
 - subventions d'équipements et de fonctionnement du budget général ;
 - recettes exceptionnelles et imprévues ;
- de dépenses par les :
 - dépenses d'investissements et de fonctionnement ;
 - remboursement des emprunts et avances ;
 - charges financières et dépenses diverses.

Art.19. – Indépendamment du contrôle légal de la Chambre des comptes de la Cour Suprême, les comptes du bureau de normes de Madagascar sont soumis à un cabinet d'expertise comptable pour leur vérification suivant les principes d'*audit* appliqué systématiquement.

And.18. – Ny tetibolan'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara dia ahitana :

- eo amin'ny vola miditra avy amin'ny :
 - tahiry fanampiana ny fanjarianasa sy sosaiety mpi-kambana ;
 - fisamboram-bola, fanomezana, na ireo fanampiana samihafa ;
 - fanomezana samihafa ;
 - vola miditra amin'ireo fisananan'asa samihafa nataon'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara ;
 - fanampiana ara-pitaovana sy fampandehanan-draharaha avy amin'ny teti-bola ankapobe ;
 - vola miditra noho ny antony manokana sy ho tsy nam-poizina.
- amin'ny fandania avy amin'ny :
 - vola mivoaka ho famokarana sy ho fampandehanan-draharaha ;
 - fanomezana ny fisamboram-bola sy vatsim-bola ;
 - loloha ara-pitantanam-bola sy ny fandania samihafa.

And.19. – Ankoatry ny fanaraha-maso ara-dalana ataon'ny Rantsana momba ny kaonty ao amin'ny Fitsarana tampony, ny Kabinetra manamahay momba ny kaonty fanamarihana araka ny fepetra momba ny *audit* izay tsy maintsy ampiharina.

**TITRE V :
DISPOSITIONS FINALES.**

Art. 20. – L'organisation ainsi que les règlements intérieurs du bureau de normes de Madagascar et de ses organes seront fixés par des arrêtés d'application.

Art. 21. – Toutes dispositions antérieures contraires au présent décret sont et demeurent abrogées.

Art. 22. – Le Vice-Premier Ministre chargé du Budget et du Développement des Provinces autonomes, le Ministre des Finances et de l'Economie, le Ministre du Commerce et de la Consommation, le Ministre de l'Agriculture, le Ministre de l'Industrialisation et de l'Artisanat, le Ministre de l'Environnement, le Ministre de la Pêche et des Ressources halieutiques, le Ministre de l'Elevage, le Ministre des Eaux et Forêts, le Ministre des Postes et Télécommunications, le Ministre des Travaux Publics, le Ministre de l'Energie et des Mines, le Ministre des Affaires étrangères, le Ministre du Tourisme, le Ministre de la Santé sont chargés chacun en ce qui le concerne de l'exécution du présent décret qui sera publié dans la *Journal Officiel* de la République.

**LOHATENY V :
FEPETRA FARANY.**

And. 20. – Ny fandaminana ary koa ny fitsipika anatin'ny birao momba ny fenitra eto Madagasikara sy ireo rantsa-mangaika azy dia hoferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana fampiharana.

And. 21. – Foanana ary dia foana ireo fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'ity didim-panjakana ity.

And. 22. – Ny Praimisititra Lefitra miandraikitra ny Tetibola sy ny Fampandrosoana ny Faritany mizaka tena, ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena, ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Minisitry ny Fambolena, ny Minisitry ny Fampiroboroana ny Indostria sy ny Asa tànana, ny Minisitry ny Tontolo iainana, ny Minisitry ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano, ny Minisitry ny Fiompiana, ny Minisitry ny Rano sy ny Ala, ny Minisitry ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra, ny Minisitry ny Asa vaventy, ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena ankibon'ny tany, ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny Minisitry ny Fizahan-tany, ny Minisitry ny Fahasalamana no miandraikitra araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity didim-panjakana ity izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan*'ny Repoblika.